AHOANA NO MBA HO HENDRY EO ANATREHAN'ANDRIAMANITRA

Avy aiza ary ny fahendrena? ary aiza ny fitoeran'ny fahalalana? Ary hoy Izy tamin' ny olona:
Indro, ny fahatahorana ny Tompo no fahendrena; ary ny miala amin'ny ratsy no fahalalana.
JOB 28:20, 28

Ny fahatahorana an'i Jehovah no fiandoham-pahendrena; Fahalalana tsara no ananan'izay rehetra mankatò ny didiny; Mandrakizay ny fiderana Azy. SALAMO 111:10

Dia hitako fa ny fahendrena dia tsara noho ny fahadalana, toy ny fahatsaran'ny mazava noho ny maizina. Mpitoriteny 2:13

Ny fahendrena no mampahery ny hendry mihoatra noho ny lehilahy mahery folo ao an-tanàna. Mpitoriteny 7:19

Raha misy ianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin'Andriamanitra, Izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; dia homena azy izany. Fa aoka hangataka amin'ny finoana izy, ka tsy hiahanahana akory. Fa izay miahanahana dia tahaka ny onjan-dranomasina entin'ny rivotra ka atopatopany. Fa aoka tsy hihevitra izany olona izany fa handray na inona na inona amin'ny Tompo. Ny miroa saina dia miovaova amin'ny alehany rehetra. Jakoba 1:5-8

Iza no hendry sy manam-pahalalana eo aminareo? aoka izy haneho amin'ny fitondran-tena tsara ny asany amin'ny fahalemem-pahendrena. Fa ny fahendrena izay avy any ambony dia madio aloha, ary tia fihavanana, mandefitra, mora alahatra, be famindram-po sy be voka-tsoa, tsy miangatra, na mihatsaravelatsihy. JAKOBA 3:13, 17

Ny fahatahorana an'i Jehovah no fiandoham-pahalalana; Fa ny adala manamavo ny fahendrena sy ny fananarana. OHABOLANA 1:7

Sambatra izay olona mahita fahendrena sy izay olona mahazo fahalalana. OHABOLANA 3:13

Anaka, raha raisinao ny teniko sy afeninao ao aminao ny didiko; Dia atongilano amin'ny fahendrena ny sofinao, Ary ampitandremanao fahalalana ny fonao; Eny, raha miantso fahalalana ianao ary manandratra ny feonao hahazo fahalalana; Raha mitady azy toy ny fitady volafotsy ianao, ary mikatsaka azy toy ny fikatsaka harena afenina; Dia ho fantatrao ny fahatahorana an'i Jehovah, ary ho hitanao ny fahalalana an'Andriamanitra. Fa Jehovah no manome fahendrena; Avy amin'ny vavany no ihavian'ny fahalalana sy ny fahazavan-tsaina. Mitahiry fahendrena ho an'ny marina Izy; ampingan'izay mandeha mahitsy Izy. Mitandrina ny lalan'ny fitsarana Izy Ary miambina ny lalan'ny olony masina. Dia ho fantatrao ny fahamarinana sy ny rariny ary ny hitsiny; eny, ny lalana tsara rehetra. OHABOLANA 2:1-9

Mahazoa fahendrena, mahazoa fahalalana; ary aza miala amin'ny teny aloaky ny vavako. Aza mahafoy azy, fa hiaro anao izy; Ny fahendrena no zava-dehibe; koa mahazoa fahendrena; ary amin'ny fananananao rehetra dia mahazoa fahalalana. Asandrato izy, dia hanandratra anao; hanome voninahitra anao izy, raha manohina azy. Haingo ravaka tsara ny lohanao izy; satro-boninahitra no homeny anao. OHABOLANA 4:5-9

Ny fahatahorana an'i Jehovah no fiandoham-pahendrena; Ary ny fahafantarana ny Iray Masina no fahazavan-tsaina. OHABOLANA 9:10

Filalaovana ho an'ny adala ny manao ratsy; Fa ny manan-tsaina no manana fahendrena. Ny vavan'ny marina mamoaka fahendrena; Fa ny lela mandainga hofongorana. OHABOLANA 10:23, 31

Raha tonga ny fiavonavonana, dia tonga koa ny henatra; Fa ao amin'ny manetry tena no misy fahendrena. Izay tsy manam-pahendrena manamavo ny namany; Fa izay manan-tsaina kosa hangina. OHABOLANA 11:2, 12

Ny olona araka ny fahendreny no hoderaina; Fa izay maditra dia hatao tsinontsinona. OHABOLANA 12:8

Ny fiavonavonana ihany no mahatonga fifandirana; OHABOLANA 13:10

Ny fahadalana no fifalian'izay tsy manam-pahendrena; Ny fahatahorana an'i Jehovah no fananarana mampahahendry; ary ny fanetren-tena no mialoha ny voninahitra. OHABOLANA 15:21, 33

Tsara lavitra ny mahazo fahendrena noho ny volamena! ary aleo ny mahazo fahalalana no tsara noho ny volafotsy! OHABOLANA 16:16

Izay mahazo fahendrena dia tia ny tenany; Izay mitandrina fahalalana hahita soa. OHABOLANA 19:8

Vidio ny marina, fa aza amidy; ary fahendrena sy fananarana ary fahalalana. OHABOLANA 23:23

Izay tia fahendrena dia mahafaly ny rainy; OHABOLANA 29:3

Ny tsorakazo sy ny fananarana dia manome fahendrena; Fa ny zaza avela ho irery mampahamenatra ny reniny. OHABOLANA 29:15